Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

MITADIAVA NY TOMPO DIENY MBOLA HITA IZY

(Isaïa 55.6a)

Sabotsy 2 Mey 2020

JESOSY LOHARANON'AINA

(Jaona 7:34-43)

Mitarika : Pasitera Heritsimba ANDRIANASOLO

Amin'ny anaran'Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina ! Amena !

Hiran'ny Antoko Mpihira : *"Hay teo foana i Kristy"*

Vavaka ataon'ny mpitandrina

Teny fampidirana ny lohahevitra

Hira : 207 FFPM and. 3 *("Soa ny teninao")*

3. Soa ny teninao
Mahatsara ny fo
Fa ao no hitanay
Misy Mpanavotra;
Jeso, Loharanon'aina,
Mahasasa ny meloka.

VAKITENY VOALOHANY : JAONA 7.34-36

34 Hitady Ahy ianareo, fa tsy hahita ; ary izay itoerako dia tsy azonareo haleha. 35 Dia niresaka hoe ny Jiosy : Hankaiza moa no halehan' ilehity, no tsy ho hitantsika ? Hankany amin'izay miely any amin'ny Grika va Izy ka hampianatra ny Grika ? 36 Ahoana re izao teny nolazainy izao hoe : Hitady Ahy ianareo, fa tsy hahita ; ary izay itoerako tsy azonareo haleha ?

Teny fanazavana

Hira : 244 FFPM and. 1 sy 5 *("Ry Jeso, mba henoinao")*

1.Ry Jeso, mba henoinao
Ny feonay mpanomponao,
Izay mivavaka aminao
Mitady fitahiana.

5. He, tsinontsinona izahay,
Malemy sady tsy mahay;
Ka dia ampaherezonao
Hanaovanay ny sitrakao.

Vavaka isan-tokantrano

- Fandinihan-tena ny amin'ny antony itadiavanao an'Andriamanitra
- Vavaka ho an'ny fianakaviana hitady an'Andriamanitra amin'ny finoana marina

- Vavaka ho an'ny Fiangonana hanao izay hahitan'ny olona an'Andriamanitra
- Vavaka ho an'ny Mpitondra mba hitadiavany ny sitrapon'Andriamanitra.

Vavaka ataon'ny mpitandrina

VAKITENY FAHA-2 : JAONA 7.37-38

37 Ary tamin' ny andro farany, izay andro lehibe tamin'ny andro firavoravoana, dia nitsangana Jesosy ka niantso nanao hoe : Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro. 38 Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina.

Teny fanazavana

Hira : 459 FFPM and. 1 *("Jeso Loharanon'aina")*

1. Jeso Loharanon'aina,
Jeso Masoandronay!
Izao ny fonay mitaraina,
Mba velomy izahay!
O, savao ny zavon-tany
Ao am-pandehananay,
Dia lanao ihany
No ho Masoandronay.

Vavaka isan-tokantrano :

- Vavaka fanoloran-tena sy fangatahana ny ranon'aina
- Vavaka ho an'ny marary sy ny mpitsabo hinoany fa ao amin'i Jesoa ny loharanon'aina
- Vavaka ho an'ny fianakaviana mba hivelona amin'ny finoana an'i Jesoa Loharanon'aina

Vavaka ataon'ny mpitandrina

VAKITENY FAHA-3 : JAONA 7.39

39 Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy, no nolazainy tamin' izany ; fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny.

Teny fanazavana

Hira : 176 FFPM and. 1 sy 2 *("Avia, Fanahy Masina ô")*

1. Avia, Fanahy Masina ô!
Midina eto aminay;
Fenoy ny hasoavanao
Ny fonay noforoninao.

2. Tongava, ry Mpananatra ô
Nomen'Andriamanitra
Ho loharano velona
Hiboiboika ao am-po.

Vavaka isan-tokantrano

- Vavaka ho an'ny mino tsirairay mba ho feno sy tarihin'ny Fanahy Masina
- Vavaka ho an'ny fianakaviana mba hivelona ao amin'ny Fanahy Masina
- Vavaka ho an'ny Firenena mba hanjakan'ny Fanahy Masina

Vavaka ataon'ny mpitandrina

VAKITENY FAHA-4 : JAONA 7.40-43

40 Ary ny sasany tamin'ny vahoaka, raha nandre izany teny izany, dia nanao hoe : Ity tokoa no Ilay Mpaminany. 41 Hoy ny sasany : Ity no Kristy. Fa hoy kosa ny sasany : Avy any Galilia va no ihavian' i Kristy ? 42 Tsy voalazan'ny Soratra Masina va fa Kristy dia avy amin'ny taranak'i Davida, sady avy ao Betlehema, vohitra nonenan' i Davida ? 43 Dia nisara-tsaina ny amin'i Jesosy ny vahoaka.

Teny fanazavana

Hira : 268 FFPM and. 5 *("Ry Jeso, hatanjaho")*

5.Ry Jeso! hatanjaho
Ny Fiangonanao
Ny fony halalaho
Mba hitoeranao
Izay firaisan-tsaina
Miseho hatrety
Velomy hanana aina
Hitohy hatrary

Vavaka isan-tokantrano

- Vavaka mba hohatanjahin'ny Tompo ny finoan'ny tsirairay ka ho tia ny firaisana
- Vavaka ho an'ny Fiangonana mba ho tanteraka ao anatiny ny firaisan-tsaina
- Vavaka ho an'ny Firenena mba hanjakan'ny firaisan-kina sy fiadanana

Vavaka ataon'ny mpitandrina + *Rainay….*

TENY FANDRAVONANA : 2KORINTIANA 6.16-18

16 Ary inona no ikambanan' ny tempolin' Andriamanitra amin'ny sampy ? Fa isika no tempolin' Andriamanitra velona, araka ny nataon' Andriamanitra hoe : "Honina eo aminy Aho sy handeha eo aminy ; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho oloko".17 Koa mivoaha eo aminy hianareo, ka misaraha aminy, hoy ny Tompo, ary aza manendry izay zavatra tsy madio ; ary Izaho handray anareo.18 Ary ho Rainareo Aho, ary ianareo ho zanako-lahy sy ho zanako-vavy, hoy ny Tompo Tsitoha.

Hira ataon'ny Antoko Mpihira : Entre tes mains (CU 2012)

Tsodrano :

13 Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina. Amena !

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena ! Mandehana amin'ny fiadanana ka manompoa ny Tompo !

Isaorana anie Andriamanitra !